


TORITENY - ALAHADY faha-17 TSOTRA - TAONA D



© jesusmafa.com

Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita; mandondona, dia hovohaina

Ry kristianina havana, raha tamin'ny Alahady lasa faha-16 mandavantaona isika nibanjina sy nandinika ny mety hivelomantsika ny finoana ka ho tany lonaka hiasan'Andriamanitra ka hampivelatra azy sy hampamokatra azy izany hoe hahatonga antsika ho fanasina sy ho fahazavana eo anivon'ny fainantsika. Raha ataontsika amin'ny teny hafa ka ampifanarahantsika amin'ny teny fanevan'ny Sinaody dia zary Olon-dehibe amin'ny finoana

isika. Ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA, MIARA-DALANA, IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Raha tamin'ny Alahady teo dia no nibanjinantsika ny fomba handraisana sy hifandraisana amin'ny manodidina antsika ka ny fomba nandraisan'i Maria sy Marta an'i Jesoa no nodinihintsika ary

notsipihintsika tsara fa mifameno ny fandraisan'i Maria sy Marta an'i Jesoa. I Maria nihaino an'i Jesoa. Fahaiza-mihaino, mihaino « amin'ny sofin'ny fo » hoy isika no fototry ny fahombiazan'ny Sinaody. Torak'izany koa ny fahafoizana sy fanompoana nataon'i Marta nandray an'i Jesoa no lalana afahantsika mametraka rafitra mampivelatra ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra ka handresintsika ny rafi-pahotana mamoritra antsika. Ny Eokaristia no loharano sy fototra. Raha fintinina dia zava-dehibe tokoa ny toetran'i Marta izay mikolokolo sy mikarakara mba handray an'i Jesoa fa indrindra koa ny toetran'i Maria

Vakiteny I: Jen. 18, 20-32

Salamo : Sal 137

Vakiteny II : Kôl. 2,12-14

Evanjely : Lk. 11,1-13

izay teo an-tongotr'i Jesoa, nihaino sy nandalina ny finoany ary nivavaka. Ary nolazain'i Jesoa aza fa izy no nahay nifidy ny anjara soa. Tsy azo atao mifanohitra izany araka ny nolazaintsika tamin'ny Alahady lasa ny asa sy ny vavaka, ny atao sy ny vavaka. Izay no mahatonga antsika manantitrantitra fa ny tanjona ho antsika dia ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Io no tanjon'ny Sinaody mba ho tany lonaka tokoa ny finoana ka hamokatra eo amin'ny fiainantsika. Izay indrindra àry ry Kristianina havana no tian'ny Eglisy ho tsapantsika amin'izao Alahady faha-17 mandavantaona izao hametraka anjara toerany amin'ny vavaka isika, hasainy mandinika, handalina an'izay vavaka izay isika. Maro no azo lazaina amin'izany vavaka izany fa io no anisan'ny maha-kristianina antsika. Maro ny zavatra nataon'i Jesoa, anisan'izany ireo famantarana maro samy hafa ilay lazaintsika hoe : fahagagana nefà tsy nisy Apôstôly nilaza tamin'ny Jesoa hoe : ampianaro manao fahagagana na famantarana izahay nefà dia fantatra fa amin'ny alalan'io ihany koa no fomba hitarihana ny olona. Tsy izay no tena izy amin'ny maha-kristianina antsika, tsy nangataka an'izany ireo Apôstôly ka noho izany aoka isika tsy ho sodokan'ireo milaza amintsika hoe mirakla ny fototra. Matoa ireo Apôstôly tsy nangataka an'izany dia satria tsy izany no fototra.

Maro ny toriteny nataon'i Jesoa ka nampitolagaga aza satria ireo olona nihaino azy no nilaza hoe tsy misy lehilahy mbola niteny tahaka an'i Jesoa, to-teny izy nanaitra ny olona ny fomba fitoriany kanefa tsy mbola nisy tamin'ireo Apôstôly ary tsy hitantsika ao amin'ny Evanjely nangataka tamin'ny Jesoa ampianaro mitory teny izahay. Fantatra fa ao koa no mety hahafahana mandresy lahatra ny olona.

Tsotra ny antony dia satria tsy ao amin'ny toriteny no tena maha-Kristianina antsika, ny maha-mpanaradia an'i Kristy antsika. Tsy ny fahaizana mitory teny no tena maha fanazavana sy fanasina. I Papa Md Paoly VI nilaza fa indrindra amin'izao andro iainantsika izao : tsy ny mpitory teny no tadiavina, raha mihaino ny toriteny ny olona dia satria mivelona ny ambaran'ny toriteniny izy, vavolombelona no tadiavina amin'izao andro iainantsika izao.

Ahoana àry no haha vavolombelona antsika ?

Raha nihaino ny Evanjely teo isika, hain'ny Apôstôly ny nangataka an'i Jesoa ny hampianatra azy ireo ny fitoriany teny, ny fanaovana fahagagana fa ny nanaitra azy ireo ary izay no hitany fa tena toetran'i Jesoa ary avy ao no anovozana ireny famantarana ireny. Matoa i Jesoa nahavita fahagagana Andriamanitra moa izy mazava ho azy fa amin'ny mahazanak'Andriamanitra azy dia zavatra anankiray no tena nanaitra an'ireo Apôstôly ka nahatonga azy nitodika tamin'ny Jesoa hoe : ampianaro mivavaka tahaka ny nataon'i Joany tamin'ny mpianany izahay. Hitan'izy ireo àry fa ao amin'ny fivavahana no tena fototry ny fiainana, ao ny maha-Kristianina ary hitan'izy ireo i Jesoa mivavaka, miombona amin'Andriamanitra. Izay no nahatonga azy nampianatra ny vavaka **Rainay any an-danitra**

satria raha fintinina io vavaka tokana nampianarin'ny Tompo io dia midika fiombonana amin'Andriamanitra no ambaran'io, manambara ampitokiana fa Ray Andriamanitra. **Hohamasinina anie ny Anaranao**, marina fa masina mandrakariva Andriamanitra ary tsy mila hamasinina fa isika miombona amin'Andriamanitra no mila manamasina antsika. Izay fainantsika masina izay no mahamasina an'Andriamanitra.

Ho tonga anie ny fanjakanao, na inona ataontsika na tsy mihetsika aza isika dia tsy maintsy tanteraka eo anivontsika ny fanjakan'Andriamanitra fa ny tadiaviny dia isika hiombona aminy ka ny fainantsika manontolo no hisy an'Andriamanitra. Amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy ny fainantsika ka fampanjakana azy izany.

Omeo anay anio ny haninay isanandro, marina fa mila sakafo isika fa ny sakafo ara-panahy no ilaintsika izany hoe ny fahendren'Andriamanitra, izy no hanilo ny fainantsika.

Ny sakafon'Andriamanitra no hery mahavelona antsika ka tsy hanapotika ny fainantsika isika amin'izay.

Avelao ny fahotanay, izahay koa mamela izay rehetra manao ratsy aminay.

Izay ilay fainana misy an'Andriamanitra, eo anivontsika Andriamanitra ka izy ilay famindram-po dia mifamela heloka isika, mifamindra fo ny fainantsika amin'izay.

Aza avelanao ho resin'ny fitaoman-dratsy izahay, manambara fa ny fahendren'Andriamanitra tokoa no manentana ny fainantsika manontolo.

Izany ny vavaka, fiombonana ny vavaka, izy no eo anivontsika ary izy no ivon'ny fainantsika ka amin'ny alalany sy ao aminy no iainantsika ny fainana manontolo.

Toetra anankiray tsy hadinotsika koa no ampianarin'ny tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady izao dia ny hoe ny mivavaka mila faharetana, mila fitokisana amin'Andriamanitra. Izay ny dikan'ny hoe ampianaro mivavaka izahay, ny fianarana dia manambara faharetana satria mety misy ny fotoana mandroso na mihemotra.

Tsara ho tsipihina ihany koa ny fahaizantsika maharitra mivavaka indrindra ny fitokisana. Ianarana ny mivavaka, tsy mandeha ho azy ny vavaka ary aza gaga isika raha indraindray tsy tanteraka araka ny tokony ho izy izany vavaka izany satria ianarana izy.

Hitantsika amin'ny vakiteny voalohany fa ny tantaran'ny Sôdôma no atolotry ny Eglisy mba handinihantsika fa mila faharetana tokoa ny fivavahana. Hitantsika fa tsy namokatra ny vavaka nataon'i Abrahama satria tsy naharitra hatramin'ny farany izy.

Ny ao amin'ny vakiteny faharoa no anohizantsika azy, fantaro ry Kristianina havana fa tsy isika no mivavaka fa ny Fanahy masina, hoy Md Paoly. Izany indrindra mba ho tany lonaka izy dia avelantsika hiasa ny Fanahy masina, sokafy ny fontsika mba ho izy tokoa no hanenika ny fontsika ka hiasa ao amintsika raha tsy izany dia ny saim-pantantsika no entintsika hiasa ka aza gaga isika raha tsy tanteraka ny tokony ho izy. Tsy hahay hivavaka isika fa aoka ny

Fanahy masina hanentana antsika. Satria vita batemy isika, zanak'Andriamanitra isika, tempolin'ny Fanahy masina ka avelao izy hiasa ao amintsika, hanadio ny fo amampalahintsika. Tsy ny fahendren'izao tontolo izao no hanentana antsika fa ny fahendren'Andriamanitra.

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady faha-17 mandavantaona izao no ihainoantsika an'ireo tenin'Andriamanitra manoro lèlana atsika mikasika ny fivavahana, izay ny vavaka no tena fototry ny maha-Kristianina atsika. Aoka ary isika hahatsiaro sy hahatsapa fa izay vavaka izay tokoa no maha-Kristianina atsika, ao no loharano sy fototry ny fiaianantsika.

Ny fototry ny fivavahana dia ny Eokaristia fa indrindra moa izao fiatrehantsika ny Sinaody izao.

Ry Jesoa Tompo ô mitodika aminao izahay amin'izao Alahady izao, Rainay tokoa ianao ary nampianarinao anay fa tsy lavitra ianao ka ny Fanahinao masina no manilo anay ka hahafantaranay an'izany rehetra izany.

Ampio izahay ho tahaka an'ireo Apôstoly ka mitodika aminao ampianaro mivavaka izahay, ampio izahay, sokafy ny fonay mba hanao ny vavaka sy hivavaka marina tokoa ka ianao anie hanjaka amin'ny fiaiananay, ianao anie hanamasina ny fiaiananay ka ho eo anivonay tokoa ianao hahaizanay mampitraotro ny finoana sy ny fiaianana andavanandro.

Ny finoanay anie ho tany lonaka hiasan'ny Fanahy masina, hiasan'ny fahasoavana ka hamokatra hatrany ary hamokatra ao aminao, ary ny fiaianana anie ho zary fahazavana sy fanasina amin'ny manodidina anay.

Ry Maria Renin'ny Eglisy niara-nivavaka tamin'ny Apostoly tao amin'ny Senakla ianao. Mivavahà ho anay mba ho Senakla ho anay tokoa izao Sinaody izao ka ho fianakaviana Eglisy kely izahay, zary génération mpanorina. Md Josefa Ray Mpiairon'ny Eglisy Eran-tany mivavahà ho anay mba ho fianakaviana Eglisy kely miara-mivavaka sy mandalim-pinoana izahay fa indrindra ny Raim-pianakaviana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson